Akanjo Tonta Iray

Vao avy niaraka tamin'ny pasitera aho. Nilaza aho . . . Nangataka azy aho omaly mba hiantso ahy. Ary hitako fa, izaho fotsiny . . . Nandritry ny andro manontolo, dia tsy nisy antso, ka nieritreritra aho hoe, "Eny, manontany aho hoe inona ny olana? Misy zavatra . . . Ny zavatra rehetra dia nilamina tsara." Ary afaka kelikely, dia tonga Ranabavy Wood niaraka tamin'ny antso eran'ny tànana. Simba ny telefonako, noho izany, raha nisy niantso ny iray taminareo. Naneno ilay telefona, saingy tsy nisy feo tao anatiny tao, noho izany dia tany amin'ilay foibe mpandefa no olana. Omaly hariva teo amin'ny valo ora teo no vitan'izy ireo ilay izy, na angamba taloha kelin'izany, ary, ilay telefona, mandeha tsara ireo antso ankehitriny.

2 Faly isika ny tonga eto amin'ny fotoana izao maraina izao. Tratry ny sery mafy aho, izay mahatratra ahy mazàna rehefa tonga any an-trano aho. Miroboka ao anatin'ny orampanala hatreny amin'ny valahanareo aho, ary matory any ivelany amin'ny alina. Tsy nieritreritra an'izany mihitsy aho rehefa miala lavitra avy eto, fa miampita an'io havoana any New Albany io fotsiny, dia izay ihany no tokony ataonareo, mba hidirana ao amin'ity lohasaha ity, amin'izay fotoana izay dia tratry ny sery aho. Ary ilay izy dia . . . Tsy fantatro, misy zavatra mihitsy ao amin'ilay lohasaha eto izay mihazona an'izany. Ary ambany izy, ka tsy mety amiko mihitsy ilay izy.

3 Ankehitriny, faly isika ny tonga eto am-piangonana, araka ny nolazaiko, sy mandre ny pasitera tsara malalantsika nanolotra ny teny fangatahany ho antsika, sy nankany amin'ny Tompo Jesosy. Ary—ary ny mandre, mampalahelo ny mandre marary sy manana ilaina maro, ary hoe ahoana no nampisafoaka ny devoly tamin'ny nanaovana ny olona rehetra ho marary.

4 Ary nitsangana ny ramatoa iray teo akaikin'ny rahavaviny iry aoriana iry, ary fantatro fa niaraka taminy Ranabavy Sauer etsy. Nandefa azy hody ny dokotera mba ho faty ankehitriny. Saingy mbola mino foana izy fa ho sitrana. Ary ao amin'ny toerana iray sarotra, tena sarotra izy. Ny rafozam-baviko, mitovy amin'izany, fitopolo taona ankehitriny. Ao amin'ny toerana tena ratsy izy. Ary aretina maro tokoa manerana ny firenena. Ary misy koa ny Fanahy Masina iray manerana ny firenena, hitanareo, izay manasitrana ny aretintsika, raha afaka mahita fitia Aminy fotsiny isika.

5 Ary ankehitriny, satria marary ny tendako, tsy marary, fa farina. Ary tsy hiezaka hitory teny aho, fa hiresaka vetivety aminareo fotsiny avy ao amin'ny Teny, ary avy eo dia handeha hivavaka ho an'ny marary, izay nampanantenaiko hatao. Fa

alohan'ny anaovana an'izany mihitsy, dia tiako ny hilaza fivoriana amboniny sasantsasany. Izaho . . .

6 Tao amin'ireo fivoriako dia nanana karazana fanoherana kely aho avy . . . tsy fanoherana, fa tsi-fahazoana kely fotsiny. Ary matetika, izaho—tsy manana fitaovam-pampitana aho ho an'ny fivoriako, tahaka—tahaka ny ananan'ireo rahalahy hafa eny amin'ny saha, toy ny radio sy televiziona, ary magazina sy ny sisa. Ary eo am-panaovana an'izany, nahoana, hilaza ny olona iray hoe, "Tokony ho eto Rahalahy Branham." Ankehitriny dia nanaovana filazana aho fa ho ao amin'ny toerana telo nandritr'ity herinandro ity, ho an'ny androany fotsiny, toerana telo samihafa. Anankiray any Kentucky, roa any California, izay fantatro. Ary tsy misy na inona na inona azonareo atao mikasika an'izany, satria tsy manana fitaovam-pampitana ofisialy hafa aho, koa izany no manao an'ilay izy ho sarotra kely.

7 Ary, hia, raha sendra misy olona avy any amin'ny manodidina ny Madisonville, Kentucky, eto. Nanaovana filazana aho fa ho any tamin'ny herinandro lasa, nefa tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany. Ary tonga tany an-trano aho, ka—ka izy ireo no nilaza an'izany; ary ilay rahalahy izay nanao an'izany, dia amin'ny anarana hoe Epply. Na, mino aho fa izay no anarany. Miaraka amin'ny finoana tsara rehetra, no nanaovany an'izany. Niantso ahy izy ary nanontany raha afaka hidina fotsiny izahay mba—mba ho fitahiana sy hahazo tsodrano avy amin'ny olony. Ary niantso izy. Niteny taminy aho mba hanontany an-dRahalahy Moore. Eny, tamin'izay fotoana izay, dia tsy maintsy niainga aho. Niteny taminy aho fa tsy maintsy hiainga aho ny androtr'io. Eny, adinon-dRahalahy Moore ny nampahafantatra ny olona rehetra. Ary rehefa, na nampahafantatra ahy, na nampahafantatra ny vadiko. Noho izany dia tany Idaho aho, ary vao tafaverina fotsiny, dia efa nandeha ilay fivoriana.

8 Noho izany, ary noho izany dia hitako, nandritr'izany, fa tsy mety ny manao fandaminana any Louisiana ho an'ireo zavatra izay miseho eto. Noho izany, dia izaho ihany no niandraikitra an'ireo fandaminana, manao ny fandaminako manokana ho an'ireo fivoriana, mandra-pahatongan'ireo fivoriako ho . . . izaho fotsiny dia somary . . . Oh, tsy fantatro, heveriko fa tsara ho an'ny fanahy ny fiaikena. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nitaredretra loatra aho mikasika an'ireo zavatra ireo. Ary mamela fotsiny na iza na iza, na aiza na aiza, hamela an'ilay izy handeha kisendrasendra fotsiny. Ary hitako, fa tsy mety ilay izy. Afaka fotoana ela iray, dia apetrakareo . . . Tsy maintsy manana fomba fanao iray ho an'izany ianareo. Ary ankehitriny dia miezaka aho manao an'ireo fandaminana.

9 Ary izaho—ary hijery an-dRtoa. Arnold aho. Izaho . . . Misy lehilahy iray eto Louisville izay efa tena tsara fanahy, fony aho

nanao fivoriana teto, ary ny anarany dia Rahalahy Burgum. Ary izy dia nila ny—hariva iray na roa, fivoriana. Hijery an'i Teddy keliny aho, mino aho, Teddy Arnold. Ho an'ny fotoana iray amin'ity herinandro ity.

10 Ary avy eo amin'ny Sabotsy sy Alahady ho avy, raha vitako, raha sitraky ny Tompo, dia te-ho any Madisonville aho. Nanana mpitoriteny dimy amby roapolo, telopolo izy ireo tany. Nipetraka teto izy rehetra ireo, tonga nandritry ny. . . Ny anankiray avy tany amin'ny enina, fitonjato maily. Eny, tsy misy olona iray eo, noho izany tsy nisy teo, ary tsy fahadisoako manokana, fa izaho fotsiny. . . fa nohon'ny tsi-fahazoana fotsiny, na tsirambina tamin'ny fiantsoana azy. Ary hiezaka aho ny ho any amin'ny faran'ny herinandro manaraka, raha sitraky ny Tompo.

11 Avy eo, amin'ny fahadimy ka hatramin'ny fahenina, dia ho any Brooklyn aho, New York. Ary avy eo manomboka eo, amin'ny fahefatra ambin'ny folo, fahadimy ambin'ny folo, ary fahenina ambin'ny folo, any Parkersburg, Virginia Andrefana. Vao avy nanao an'ireo fandaminana ireo fotsiny aho omaly hariva ary aninkeo maraina. Ankehitriny, Charlotte, Carolina Atsimo, dia eo amin'ny lisitra mihitsy, saingy tsy fantatro. Avy eo, dia tonga ny fakan-drivotra.

12 Avy eo dia handeha any amin'ny Morontsiraka Andrefana izahay, izay nanomanan'izy ireo ny—trano fivoriana malalaka goavana iray. Ankehitriny ireto dia—dia fivoriana kely tahaka ny ao amin'ny sekoly ambony sy ny sisa tahaka an'izany. Ilay anankiray any amin'ny Morontsiraka Andrefana, dia ho—ho tanàna anankiroa, fivoriana iray an'ny tanàna mikambana, an'i Oakland sy San Francisco.

13 Ary avy eo ilay delegasion'i Phoenix, satria tsy afaka ny ho any Rahalahy Roberts amin'ity taona ity, dia tsy maintsy somary haka ny toerany any Phoenix aho, ao amin'ilay—ao amin'ilay fivorian'ny faritr'i Maricopa manontolo. Ezaka iraisana iray izany.

14 Ary mivavaha ho ahy satria aho—mila an'izany aho. Ary fantatro fa isaky ny mampakatra ny tenany ny finoana, dia manodina ny basiny rehetra ao amin'ny helo eo amin'izany avy hatrany ny devoly, tahaka an'izany, hitanareo, koa izany no manao an'ilay izy ho tena sarotra.

15 Noho izany, izao maraina izao, mba hivavahana ho an'ny marary. Te-hamaky anankiray avy amin'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay aho, ka hiresaka vetivety fotsiny avy ao amin'ny Soratra, ary avy eo dia hanao vavaka ho an'ny marary. Oh, toy ny ahoana no itiavako miresaka ny Aminy! Ary ianareo? Tiako fotsiny ny miresaka ny Aminy.

16 Ankehitriny dia tiako ny hamaky avy ao amin'ny Baiboly, Mpanjaka Faharoa ny toko faha-2, ny andininy faha-12, ampahany iray avy amin'izany.

> *Ary nahita an'izany* Elia, *ka . . . niantsoantso hoe,*
> *Ry ikaky, ry ikaky, ireo* kalesin'*ny Isiraely, sy ireo*
> *mpitaingin-tsoavaliny.*

17 Ary ankehitriny mba ho an'ny—ny lahateny iray, na lohahevitra iray, dia tiako ny hiresaka eo amin'ny: *Akanjo Tonta Iray*. Noho izany dia enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany raha miresaka aminareo izahay izao maraina izao. Ary aoka ianareo ho ao amin'ny vavaka ho anay.

18 Nandritr'ity fotoan'ny fanjakan'ny Isiraely tao amin'ny tany ity. Firenena iray Isiraely, ary firenena mahery iray izy, ary fotoan'ny filaminana kely iray izany teo anivon'ny ampahany ara-miaramila. Saingy tao amin'ilay—ilay ampahany ara-panahy, izany dia karazan'ny—ny fotoan'ny—ny fakan-tahaka iray. Ary raha miverina mijery ao amin'ny Testamenta Taloha isika, dia afaka mahita foana an'ireo ohatr'izay miseho amin'izao andro izao. Isan'andro, ao amin'ny Baiboly, ireo zavatra izay misy ankehitriny, dia tandindona mialoha fotsiny an'izay nisy tany amin'ny fiandohana.

19 Ankehitriny, ny Bokin'ny Genesisy no mamokatra ny zavatra rehetra izay misy eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao. Tsy misy na inona na inona eto amin'izao tontolo ka tsy nanomboka tao amin'ny Genesisy, satria izany no fiandohana. Tao amin'izany, no nanomboka ny isma rehetra. Tao amin'ny Genesisy, no nanomboka ny zavatra rehetra izay nanomboka. Ary ilay Fiangonana marina dia nanomboka tao amin'ny Genesisy. Ary ilay mpino sandoka dia nanomboka tao amin'ny Genesisy. Ary ny fahasamihafana dia nanomboka tao amin'ny Genesisy. Genesisy no fiandohana.

20 Ary ankehitriny nandritry ny fanjakan'i Elia, na ny fivahinianan'i Elia teto an-tany, izay mpaminanin'Andriamanitra ho an'ilay ora.

21 Ary tsy namela ny Tenany teto an-tany tsy nisy vavolombelona iray mihitsy Andriamanitra. Andriamanitra dia manana foana, any ho any, amin'ny toerana iray, nanana olona iray izay Azony nametrahana ny Tànany sy hitsangana ho vavolombelona iray. Noho izany raha nanana an'izany Izy, hatrany amin'ny Genesisy, ny fiandohana, dia azo antoka, any ho any, fa manana olona iray Andriamanitra izay Azony hametrahana ny Tànany ankehitriny. Satria Izy—Izy dia manana mihoatra noho olona iray ankehitriny, manana olona betsaka Izy izay Azony hametrahana ny Tànany, satria isika dia tonga eo amin'ny—ny fotoan'ny fanangonana, ny fotoan'ny fijinjana.

22 Genesisy no fambolena ny voa, ary ireo enina arivo taona ireo no fahamasahan'ny fotoam-pijinjana. Ary ankehitriny dia

lasa voa iray izy tenany ilay voa. Niverina nankao amin'ny famoazana izy, ary avy tao amin'ny famoazana nankao amin'ny—nankao amin'ny vokatra. Ary izao no fotoan'ny fanangonana ankehitriny, fotoan'ny fijinjana, an'ireo zavatra lehibe rehetra izay nanomboka. Ilay Fiangonana marina izay nanomboka tao amin'ny Genesisy dia tonga eo amin'ny fotoan'ny vokatra, ny vokatry ny Fanahy. Ary ilay antikristy izay nanomboka tao amin'ny Genesisy dia tonga eo amin'ny vokany. Ary eo amin'ny fotoan'ny famaranana an'ity androm'izao tontolo izao manontolo ity mihitsy isika, ilay . . . an'ny vatana mety maty. Ary isika dia . . . Ary izao no fotoana lehibe indrindra izay nisian'ny olona rehetra, na iza na iza tamin'ny fotoana rehetra, hany niainana, dia ity fotoana ity. Fotoana iray mampangovitra izao. Fotoana iray mampahatahotra izao ho an'ireo mpanota, saingy fotoana iray mahafinaritra izao ho an'ireo Kristiana, satria fantatsika fa isika dia—dia mangorona, na manangona an'ireo ezaka kely farany miaraka, mba handeha any an-Trano ka hihaona amin'ny Tompo.

23 Ankehitriny ireo olona, amin'izao andro izao, raha mijery manodidina ianareo ka mahita an'ilay olana lehibe sy fahoriana manatrika an'ilay firenena. Fa, hariva vitsy lasa izay, niresaka tamin'ny olona iray aho, izay iray amin'ireo mpanara-maso eto izay miambina. Ary hoy izy ireo hoe, "Rahalahy Branham, vao avy nomen'ny governemanta toro-marika izahay mba tsy hanolo-tsaina ny olona intsony mihitsy handry eo akaikin'ny . . . lavitry ny varavarankely eo amin'ny gorodona, raha mamely ny baomba, na handeha ao ambany rihana mihitsy, satria io baomba vaovao izay azon'izy ireo baikoina lavitra amin'ny radio manomboka any Moscou hatrany Fourth Street any Louisville io, dia hidona avy hatrany eo amin'ny làlambe. Alefa izy. Izy dia manana fik- . . . ireo zavatra ao anatiny, ireo zava-mipoaka, ary mitondra an'izany an'arivony maro, an'arivony maro. Tarihin'ireo kintana sy radara, ary alatsaka marina tokoa eo amin'ny Fourth Street any Louisville izany, avy any Moscou, Rosia. Ary rehefa midona eo izany . . . Tsy mila mampiasa fiaramanidina iray na inona na inona. Atsipy haingana avy *eto* fotsiny izy, dia hilatsaka *eo* mihitsy. Ary handavaka lavaka iray ao amin'ny tany izany, amin'ny velarana iray, dimy amby fitopolo amby zato dian-tongotra ny halaliny ho an'ny dimy ambin'ny folo maily tora-droa amin'ny lafiny rehetra andehanany, dimy ambin'ny folo maily tora-droa. Tsy misy na inona na inona hatao afa-tsy ny mivonona hanidina ambony fotsiny, izany ihany no zavatra tokana hatao rehefa tonga ireo fotoana ireo.

24 Eritrereto fotsiny, afaka manipy dimampolo amin'izy ireny izy ireo, na zato amin'izy ireny, indray mandeha, raha tian'izy ireo izany. Hifarana ny rehetra, ao anatin'ny elanelam-potoana . . . Mino aho fa enimpolo na valopolo minitra ilay izy,

na tahaka an'izany, na segondra—segondra, raha ny marina, avy any ka hatreto, ho an'ny fandringanana tanteraka an'ny zavatra manontolo izay hiseho. Tsy hisy na inona na inona ho tavela eo anelanelan'i Louisville sy Henryville, ary eo anelanelan'i Louisville sy—sy Bardstown, na any, afa-tsy lavaka anankiray ao anatin'ny tany miaraka amin'ny andiam-bovoka mipetraka ao anatiny. Izay ihany no ho tavela, ankoatr'ireo faritra izay handehanany, ary handoro maily sy maily ary maily any ankoatran'izany. Ary raha mbola milatsaka any ny anankiray, dia milatsaka any an-kafa any ho any ny anankiray hafa, mba hihaona aminy.

25 Tena faly aho fa manana Fialofana iray isika. "Ny Anaran'ny Tompo dia Tilikambo mahery, ny marina mihazakazaka mankao Aminy ka voaaro." Tsy mampaninona na baomba firy na zavatra hafa firy no . . . Voaaro Ao isika. Noho izany, ho an'izao tontolo izao sy ny mpanota, izay tsy manana an'io Fialofana io, na io Toerana voaaro io, dia fotoana mampangovitra iray izany. Mino aho, fa raha tsy Kristiana aho, dia ho lasa adala, amin'ny fieritreretana an'izay mety hitranga amin'ny fotoana rehetra. Ary miaraka amin'ny trano iray feno ankizy kely, sy ny sisa, dia tsy ho fantatro izay hatao. Fa tena faly aho fa afaka mijoro ao an-tranoko ary manolotra Fialofana iray ho azy ireo izay tsy misy baomba afaka hany hikasika, na inona na inona hafa, eo ambanin'ireo Elatra mpiaro an'ny Tompo Jesosy. "Tsy amin'ny hery, na amin'ny fahatanjahana, fa amin'Ny Fanahiko," hoy ny Tompo. Hitanareo? Izany no fiarovantsika.

26 Ary fotoana iray lehibe, be voninahitra toy ny inona izany, ny mahafantatra fa ny fahotana rehetra sy ny tolona ary ireo fizahan-toetry ny fiainana dia ho tapitra tsy ho ela. Hifarana izany rehetra izany indray andro any, ka handeha any an-Trano isika hiaraka amin'ny Tompo. Ankehitriny, ny sisa tavela, dia fotoana iray hitoriana ny Filazantsara sy mampiditra betsaka ao amin'io Tilikambo lehibe io, maro arak'izay vitantsika.

27 Ary noho izany, raha mahita ny modelin'ny lesontsika androany isika, an'i Elia, nandritry ny fanjakany, izy . . . na, ny fivahinianany teto an-tany, nahoana, izy dia lehilahy iray malaza, mahery. Nampiasa azy tamin'ny fomba mahery Andriamanitra, niaraka tamin'ny hery mahery. Ary hitantsika fa nandritr'ity fotoana ity, dia nisy andiana mpaka tahaka izay niezaka naka tahaka an'i Elia, izay niezaka hanao an'ireo zavatra iray ihany izay nataon'i Elia.

28 Ary noho izany dia mahita an'ilay zavatra iray ihany isika amin'izao andro izao; fakan-tahaky ny Kristianisma, ireo olona izay miezaka mihetsika tahaka ny Kristiana, izay miezaka manao ny tenany ho Kristiana. Tsy afaka manao an'izany ianareo. Andriamanitra no tsy maintsy manao an'izany. Izy no Anankiray Izay afaka manao an'izany.

29 Noho izany dia namorona sekoly izy ireo, ary niantso azy hoe, “ny sekolin’ny mpaminany.” Ary nandeha nankao amin’ilay sekolin’ny mpaminany izy rehetra, ary izy ireo no nampianatra azy ireo. Ary azoko eritreretina ireo mpitory teny rehetra tany ireo, nanao an’ilay karazana palitao iray ihany izay nanaovan’i Elia. Azoko eritreretina ny fiezahana haka tahaka azy teo amin’ny feony, ny fomba fiteniny. Ary—ary ny fomba nanehoany ny tenany, ny tsirairay avy dia niezaka nanao an’ilay zavatra iray ihany, satria Elia dia lehilahy malaza iray nampiasain’Andriamanitra.

30 Ary mahita an’ilay zavatra iray ihany isika amin’izao andro izao. Nihaino fandaharan’ny radio iray aho, vao tsy ela akory izay. Manana ny an’i Billy Graham izy ireo manerana an’ity firenena rehetra ity, hatramin’ny naha-tany Louisville an’i Billy. Ny olona rehetra dia miezaka maka tahaka an’ilay zavatra iray ihany, saiky mihogo ny volony amin’ny fomba iray ihany, ary—ary miakanjo an’ilay zavatra iray ihany, sy ilay karazana feo iray ihany, sy ny sisa. Fa tsy afaka manao an’izany ianareo. Tsy maintsy ho izay maha-izy anareo fotsiny ianareo sy izay nanaovan’Andriamanitra an’izay haha-izy anareo. Marina izany. Ary noho izany dia hitantsika fa, angamba, tamin’ireo andro ireo dia ilay zavatra iray ihany no niseho.

31 Ankehitriny, Andriamanitra, nahita, nahita mialoha fa voaisa ireo andron’i Elia, hoe nanana fahelàna ahazoany hijanona teto an-tany izy, tahaka ny ananan’ny tsirairay avy. Noho izany, dia lasa Izy nitady mpandimby iray an’i Elia. Ary rehefa nitady Izy, dia niantso an’ity lehilahy ity Andriamanitra. Tsy tao amin’ny seminera mihitsy izy rehefa niantso azy Izy. Niasa tany teny amin’ny saha iray izy, niaraka tamin’ny omby mizioga, nanao an’ilay asa, na nikarakara ny reniny sy ny rainy. Ary Andriamanitra no niantso azy ho mpandimby an’i Elisa, na Elia.

32 Maro angamba tao amin’ilay sekoly no nihevitra fa nahazo antoka izy ireo fa izy ireo no ho mpandimby azy, izy ireo no hanao ny akanjony vantany vao mahatapitra ny azy izy.

33 Saingy, Andriamanitra no manao ny fiantsoana. Andriamanitra no manao ny safidy. Andriamanitra no manao ny fifidianana. Andriamanitra no manao ny fametrahana ao amin’ny lamina. “Andriamanitra dia nametraka tao amin’ny Fiangonana: ny sasany, apostoly; ny sasany, mpaminany; ny sasany, mpampianatra; ny sasany, evanjelista; ary pasitera.” Andriamanitra no manao an’izany, Izy tenany. Tsy afaka manao volo iray ho mainty na fotsy isika, tsy afaka manampy zavatra iray koa amin’ny tsanganantsika nohon’ny fiahiantsika isika. Andriamanitra, ao amin’ny Fahasoavany tsy manam-petra, sy amin’ny Fifidianany ary ny Fahalalany mialoha, no mametraka an’ireo zavatra ireo ao amin’ny lamina, ary miasa tsara fotsiny ny kodia tsirairay. Tiako izany.

34 Ho lehilahy iray kivy aho, izao maraina izao, raha tsy nino ny fifidianana sy fiantsoan'Andriamanitra. Raha nieritreritra aho fa ity izao tontolo izao ity dia navela ho amin'izay hiafarany, nohon'ny herin'ny olona, sy nohon'ny fahendren'ny olona, ary noho "ireo efatra goavana," sy ny an'ny U.N., sy izay tsy manonona ny Anaran'Andriamanitra mihitsy aza. Ho olona iray kivy aho. Saingy tsy izany no ianteherako ho fiafarana.

35 Mijery ao amin'ireo pejin'ity Boky tranainy *eto* ity aho, izay nanoratan'Andriamanitra an'Izany, ka ny zavatra rehetra dia ho tonga marina tokoa arak'izay Nilazany azy, ary izay ihany. Noho izany, ny zavatra tokana hataoko dia tsy milahatra miaraka amin'izy ireo, fa milahatra miaraka amin'i Kalvary. Milahatra miaraka amin'Andriamanitra, milahatra miaraka amin'Ny Teniny, mijanona ao amin'Ny Teniny. Tsy mampaninona na impiry ilay izy no toy ny hoe ho lasa tahaka an'*izao*; izany dia tsy maintsy ho arak'izay nokendren'Andriamanitra haha-izy azy. Tsy mety ho na inona na inona hafa izany. Satria, Izy izay tsy manam-petra, dia nahafantatra ny farany hatrany amin'ny voalohany, ary Izy no manao ny zavatra rehetra ho tonga ho fiderana Azy. Marina izany.

36 "Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy hiara-miasa." Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy voavolavola tsara ho eo amin'ny toerany. Oadray! Raha tsy izany no manome faherezana ao amin'ny Kristiana iray! Tsy misy na inona na inona afaka ho diso fandeha. Sady izay koa, tsy adintsika ilay izy; Azy izany. Tsy fahendrentsika ilay izy; Azy izany. Ny zavatra tokana tokony ataontsika dia ny mametraka ny finoantsika sy ny fahatokiantsika eo, ary mipetraka tsara ka mahita ny voninahitr'Andriamanitra, mahita hoe ahoana no Ihetsehany manodidina hatreny amin'ny Toerany, ka ny kodia tsirairay dia mihetsika. Mety hiparitaka etsy sy eroa Izany, saingy handroso avy hatrany ao amin'ny Toerany Izy rehefa miteny ny Teny Andriamanitra.

37 Fantany ny farany hatrany amin'ny voalohany. Fantany fa hisafidy izy. Fantany fa Elisa no haka ny toeran'i Elia, talohan'ny hany nanaovana an'izao tontolo izao. Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy miasa tsara marina tokoa.

38 Ary isika dia manahy ny amin'ireo malalantsika, sy ny sisa hoe, "Mba hiditra ve izy ireo?" Ny anaran'izy ireo, raha voasoratra tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry izy ireo, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia hety tsara ao izy ireo. Izany ihany no zavatra tokana azony atao. Mijoro vavolombelona isika ary mampamiratra an'ilay Hazavana. Andriamanitra no manao, ilay Anankiray izay mitondra an'Izany ho azy ireo.

39 Mariho ankehitriny, tao amin'i Elia, tamin'izany, rehefa avy nanipy ny akanjony teo aminy izy, ary nanandrana an'izany

teo aminy. Amin'ny teny hafa, Elia mpaminany, izay nanana an'ilay kapôtin'Andriamanitra teny amin'ny sorony, tonga izy ary nametraka an'izany nanodidina an'i Elisa, ilay mpamboly, mba hahita raha hantonona azy ilay izy. Ary nila teo amin'ny folo taona izany teo hanovàna, mba ho antonona an'io kapôty io.

40 Fantatrareo, mazàna Andriamanitra no mametraka antsika ao amin'ilay trano fiasana ka manety antsika. Ankehitriny, tsy nanova ny akanjony mba ho antonona an'i Elisa Izy; nandidy an'i Elisa ho antonona an'ilay akanjo Izy. Ary izany no Ataony amin'izao andro izao. Manova antsika Izy mba ho antonona an'ilay akanjo, fa tsy ilay akanjo ho antonona antsika. Matetika dia tiantsika ny hanao an'ilay akanjo ho antonona antsika, saingy tsy afaka manao an'izany isika. Ianareo dia tsy maintsy (mamela) hovaina, ny tenanareo, ho an'ilay akanjo. Akanjon'Andriamanitra izany, ary Izy no nanamboatra an'izany tanteraka. Ary isika dia . . . Izy no tsy maintsy mitondra antsika ao amin'io faritra io, mba hanao an'ilay akanjo ho antonona antsika.

41 Noho izany, tsy mety ho tanteraka isika, ny tenantsika. Fantatsika fa tsy mety isika. Tsy misy fomba haha-izany antsika, ary, kanefa, Izy no nilaza tamintsika mba ho izany. Noho izany, fa, ny Nataony, dia nanao fanaovam-panavotana iray ho antsika Izy; Jesosy Kristy Tompo sy ny Fahamarinany. Eo no tonga ny fahatanterahana; tsy niraharaha ny fahamasinantsika manokana, fa tsy nanana anankiray isika; sy ny eritreritsika manokana, izay tsy tokony ho eo. Fa mijanona am-panajana eo amin'ny asa vitan'ny Tompo Jesosy isika. Andriamanitra no naniraka Azy ho eto an-tany, ary ao Aminy no itsaharantsika.

42 Mariho, nandritr'ireo taona rehetra ireo, araka ny fantatsika, dia nanana fotsiny an'io batisa tokana an'ny akanjo io izy teo aminy. Fa nanerana an'ireo taona, dia nandasitra ny toetran'ilay lehilahy Andriamanitra ho ao amin'ny toerana iray izay, taorian'ny antsony, hanao azy ho antonona an'ilay akanjo ka ho mpanompon'ny Tompo.

43 Ary tamin'izay fotoana izay rehefa nandalo Elia ka nanipy an'izany teo aminy, ary nanomboka nandeha nankany Gilgala izy ireo ary maro tamin'ireo toerana hafa izay nalehan'izy ireo, hatrany amin'ilay sekolin'ny mpaminany, teny amin'ny làlany, nanohy nandeha. Ary, farany, dia niezaka nanao an'i Elisa hiverina i Elia. Efa voamarikareo ve izany? Niezaka nanao azy hiverina. Hoy izy, "Izaho . . . " Amin'ny teny hafa, "Angamba somary mideza loatra ho anao ilay làlana, anaka. Angamba somary tery loatra izany mba handehananao."

44 Fantatrareo, izay nisy an'i Elia, dia èty. Ary na aiza na aiza itorian'ny mpanompon'Andriamanitra mahatoky ny Filazantsara, dia Filazantsara èty, tsy mifangaro any amin'izay itoriana Azy izany.

45 Nahoana, indray andro, nandeha niakatra nankany amin'ilay sekolin'ny mpaminany izy, mba hitsidika azy ireo, ary nangataka azy izy ireo mba hiala. Hoy izy ireo hoe, "Èty loatra eto, ho anay."

46 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia fitoriana ny Filazantsara èty kokoa anankiray, izay hampisaraka ny vary sy ny akofa, na ny marina sy ny diso. Manao an'izay marina ho "marina," ary izay diso ho "diso."

47 Ireto lehilahy rehetra niaraka tamin'ny fahatsapany ireto, ary izay naha-izy azy rehetra! Naniraka izy ireo mba hitady zavatra hohanina, ka nahazo voaloboka dia ny iray tamin'izy ireo, ary nanangona voatangom-boalavo vitsivitsy, ka nahandro fahafatesana iray tao anatin'ny vilanim-pivavahany. Ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia niantsoantso izy ireo hoe, "Misy fahafatesana ao anatin'ny vilany!"

48 Fa Elia, niaraka tamin'ny ampahan-droa, dia nahafantatra an'izay hatao, noho izany dia nametraka koba eran'ny tànana tao anatin'ilay vilany izy. Hoy izy, "Ankehitriny dia mandrosoa avy hatrany ka hano ilay izy." Amin'ny teny hafa, izy ireo . . .

49 Amin'izao andro izao, tandindona iray, dia afaka hieritreritra aho, fa manana Metodista betsaka isika, Batista, Presbyterana, Loterana, Pentekotista, sy zavatra hafa, miara-mifangaro ny rehetra, nefa ny iray miady manohitra an'ilay hafa. Fa isika tsy mila mandroaka an'ilay zavatra manontolo ka manala an'izany. Mila Koba hafa eran'ny tànana isika. Hazòny ilay fiangonana iray ihany.

50 Ilay koba dia avy tamin'ilay trano fianarana tany, izany dia ny koba fanatitra izay nentin'ny olona, ary ireo voaloham-bokatry ny taom-pijinjana izay nototoina tamin'ny vato fikoseham-bary iray izay nanao ny voan-koba tsirairay hitovy. Ary amin'izay fotoana izay rehefa . . .

51 Io koba io, satria mitovy, dia tandindona iray an'i Kristy. Ny koba dia aina. Ary rehefa ny tandindon'i Kristy, ilay koba, no voatoto mitovy; dia midika hoe, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Ary ny koba tao amin'ilay koba fanatitra, ary rehefa nametraka an'io koba io tao anatiny tao izy ireo, dia ny fametrahana an'i Kristy tao amin'ny fahafatesana no nitondra Fiainana. Izany no manao an'ilay fahasamihafana ao amin'ny endritsika maty, ao amin'ny fahasamihafantsika, ao amin'ireo adi-hevitsika ara-pivavahana sy ny sisa. Raha hitondra fotsiny an'i Kristy ao anatin'izany fotsiny isika, dia izany no hanova ny fahafatesana, sy ny fisarahana, ho ao amin'ny Fiainana, raha hanao an'izany fotsiny isika.

52 Misy Batista sivy ambin'ny folo tapitrisa eto Amerika. Misy Metodista telo ambin'ny folo tapitrisa eto Amerika. Misy Loterana iraika ambin'ny folo tapitrisa eto Amerika. Ary Presbyterana folo tapitrisa eto Amerika. Ary Andriamanitra

irery no mahafantatra hoe firy ny Katolika, izay mihoatra ny anaram-piangonana rehetra. Fa, ao amin'izany rehetra izany, dia inona no ilaintsika? Koba eran'ny tànana. Mila mitondra Fiainana ho an'ilay fiangonana isika. Ary Kristy no Fiainana. Tonga mba hitondra Fiainana ho antsika Izy.

53 Noho izany, dia nanana an'ireo fifamaliany izy ireo, sy ireo sekoliny, ary ireo teo-. . . ireo teolojia, sy ny sisa.

54 Ary tamin'izay fotoana izay dia niteny tamin'i Elisa i Elia hoe, "Tsaratsara kokoa aminao ny miverina, satria mety ho sarotra kely ny làlana." Saingy ny lehilahin'Andriamanitra iray izay efa niatrika an'izany indray mandeha, na efa nanipazana teo amin'ny sorony an'ilay akanjon'ny fahamarinana sy ny herin'Andriamanitra, dia tsy mora loatra ny miverina.

55 Rehefa nandre ny pasitera aho nilaza, izao maraina izao, fa ny. . . "Maro no lasa kivy." Ny ilaintsika, rahalahy, dia ny mahery! Ny ilaintsika dia ny hampaherezina. Marina izany. Mety ho tonga ireo fizahan-toetra. Tsy nampanantenaina ny ho afaka amin'izy ireny mihitsy isika, fa Izy no hanome fahasoavana handalovana amin'izy ireny. Raha avo loatra hihoarana ilay tendrombohitra, lalina loatra hisitrihana, mivelatra loatra hihodidinana, dia Izy no hanome fahasoavana handalovana aminy. Marina izany. Aza manahy fotsiny, fa hazòny eo amin'i Kristy ny masonareo, satria Izy irery no Anankiray izay afaka mitondra antsika hiampita.

56 Ankehitriny, hitantsika izy ireo raha nanohy nandeha, tonga teo amin'ilay sekoly. Ary hoy izy hoe, "Mijanòna eto ianao ankehitriny. Mijanòna eto, ka mitoera ary aoka ho mpampianatra teolojia tsara iray, sy ny sisa. Ary ianao angamba, indray andro any, angamba no ho lasa zokiolon'ilay kolejy eto. Fa izaho tsy maintsy mandeha lavidavitra kely."

57 Azonareo eritreretina ve ny lehilahin'Andriamanitra iray ho afa-po amin'ny maha-zokiolon'ny kolejy iray, nefa ny Herin'Andriamanitra dia nipetraka nanodidina teo amin'izay nitsanganany mihitsy? Tsia, tompoko. Hoy izy hoe, "Raha velona koa ny Tompo ka velona ny ainao, dia tsy handao anao aho." Tiako izany.

58 Mijanòna miaraka amin'izany, tsy mampaninona na firy ny fahakiviana, na dia avy amin'ny reninareo aza izany, ny papanareo, na avy amin'ny pasiteranareo. Mijanòna miaraka Aminy.

59 Nandeha nankeo amin'ny Jordana izy ireo. Niampita izy ireo. Ary hoy Elia hoe, "Ankehitriny, inona no tianao hataoko ho anao?"

60 Hoy izy hoe, "Ampahan-droa amin'ny fanahinao ho tonga eo amiko." Fantany fa nanana asa iray hatao izy. Hoy izy hoe, "Ampahan-droa." Tsy hoe fahatsapana mafana tsara iray fotsiny, tsy fandraisan-tànana tsara iray fotsiny, na fiombonana

tsara iray miaraka amin'ny sisa amin'ny fiangonana. Fa, "Ny ilaiko dia ampahan-droa amin'izay tsara indrindra ankehitriny."

61 Teneniko aminareo, rehefa mametraka olona iray ho an'ny asa iray ho an'izao tontolo izao Andriamanitra, dia tsy maintsy manana zavatra tsaratsara kokoa noho izay ananan'izao tontolo izao izy. Tsy maintsy manana zavatra tsaratsara kokoa noho izay ananan'ny fiangonana izy. Tsy maintsy mitady ampahan-droa izy.

62 Ary raha mba nisy fotoana iray izay nilaina ampahan-droa, dia amin'izao andro izao, ao amin'ireo faritry ny olona; zavatra tsaratsara kokoa, zavatra avo kokoa. Izaho tsy afaka . . . Heveriko fa tena tsara ny tsaramaso sy mofo katsaka, saingy indraindray dia tsy maintsy manakatra avoavo kely kokoa aho. Ary izany no ataontsika; tsy maintsy ataontsika. Tsy maintsy manohy mihanika isika. Niverin-dàlana Isiraely raha nanohy nijanona teo amin'ilay tany iray ihany. Tsy maintsy nandroso izy na nihemotra. Ary tahaka an'izany ny fiangonana.

63 Noho izany, raha nandeha izy ireo, tsy nisy afa-tsy minitra vitsy izany mandra-panaony hoe, "Nangataka zavatra sarotra ianao, saingy, na izany aza, raha mahita ahy ianao rehefa mandeha aho, dia afaka mahazo an'izay nangatahanao ianao."

64 Ankehitriny, izany dia tsy maintsy ho antony tokana, fo tokana, maso tokana, mihazona ny masonareo eo amin'ny teny fikasana. Ham! Raha marary ianareo izao maraina izao, raha ory ianareo, dia misy teny fikasana lehibe anankiray; tsy avy tamin'i Elia, fa avy tamin'Andriamanitra Izy tenany. "Raha mety mino ianao, rehefa mivavaka, dia minoa fa azonao izay angatahanao, dia ho azonao izany." Tsy mampaninona izay lazain'ny dokotera, impiry *ity* no mandeha na *itsy* no mandeha; mihazòna tokana eo amin'ny teny fikasana.

65 Nanome azy fanirahana iray i Elia hoe, "Raha mahita ahy ianao rehefa mandeha aho, dia ho tonga aminao izany."

66 Misy ny teny fikasana iray hoe, "Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra ho an'ireo izay mino."

67 Indraindray dia mijery ny tenako aho, ka mieritreritra hoe, "Efa tena trondro malemy aho teo amin'ny fiainako. Niandry aho, ary diso fanahy an'arivony maro, hiditra ao amin'ny Fanjakana, satria niandry aho ka nanao hoe, 'Andriamanitra . . .' Niankina be loatra teo amin'ny fanomezam-pahasoavana iray. Ary hoy aho, 'Tompo, raha haneho amiko fotsiny Ianao, raha hanome ahy fahitana iray fotsiny Ianao amin'izay hatao.'" Ary manome fahitana iray Andriamanitra, avy eo dia hitodika aho ka hamela olona iray hiresaka amiko ho ao anatin'ny zavatra hafa.

68 Ary, oh, tsy mbola tonga teo amin'ilay toerana mihitsy aho, tsy mbola, mandra-pahatonga ahy . . . tahaka ny ananako amin'izao fotoana izao, izay ahatsapako fa finoana iray ilay izy,

hoe tsy maintsy mivoaka eo isika, satria teny fikasana iray izany. Ary ireo zavatra izay efa Nataony, sy ireo fanasitranana izay efa Nataony, ary ireo fahagagana; hany ka, nidina ary nanao ny Sariny ho azo eo anilantsika, sy ny sisa, izay tsy mbola fantatra mihitsy hatramin'ny nanombohan'izao tontolo izao. Nefa avy eo dia mitsangana eo tahaka ny trondro malemy iray? Manao ahy ho kivy amin'ny tenako mihitsy aza izany. Izao no fotoana hihazonana ny masonareo eo amin'ny teny fikasana.

69 Ary izany no, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, kendreko hatao. Ary fantatro fa ny devoly tsirairay an'ny helo dia hitifitra an'izany. Saingy, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia mikendry ny hihazona ny masoko eo amin'ny teny fikasana aho.

70 Hoy Elia hoe, "Raha ianao . . . " Hoy Elia hoe, "Raha mahita ahy ianao rehefa mandeha aho, dia ho azonao izay angatahanao." Marina izany. Tsy maintsy mihazona ny masonareo eo amin'izany ianareo; diniho ilay teny fikasana. Ohatra, ahoana moa raha ny sasany amin'ilay sekoly, raha niverina izy, ka nanao hoe, "Hey, ry tovolahy, ahoana no ataoko ankehitriny, manaraka tsara aorian'ilay mpaminany ve?" Ho tsy nahomby izy, angamba. Fa tsy niraharaha an'izay noeritreretin'ilay sekoly izy, na izay noeritreretin'ireo mpampianatra rehetra. Tsy niraharaha an'izay noeritreretin'ireo mpiara-monina izy, na ireo ankohonana, na izay nijery azy. Nihazona ny finoana tao amin'ilay teny fikasana izy.

71 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia ny finoana ao amin'ny teny fikasan'Andriamanitra, ka tsy miraharaha an'izay lazain'*ity* anankiray ity na izay lazain'*itsy* anankiray itsy.

72 Araka ny nolazain'ny rahalahy iray, mpitoriteny iray nanana zazavavy roa izay moana, sy ilay fitsikerana mikasika ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, hoe, "Tsy mety ho sitrana ireo ankizy."

73 Aza miraharaha an'ireo fitsikerana. Hazòny eo amin'ny teny fikasana ny finoanareo. Andriamanitra no niteny an'izany! "Ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary, ary Andriamanitra no hanangana azy ireo." Raha afaka manao moana marenina iray handre Izy, dia afaka manao moana marenina hafa iray handre Izy. Fantatsika, amin'ny alàlan'ireo porofo tsy mety diso, fa Ataony izany. Hazòny eo amin'ny teny fikasana ny finoantsika. Ny masontsika tokana; ny sofintsika tokana; ny fontsika tokana; ary, zavatra anankiray, eo amin'i Jesosy Kristy, ary Izy dia mahay manao an'izay Nampanantenainy. Oh, rehefa mieritreritra an'izany isika, dia izany no manova an'ilay sehatra manontolo rehefa azontsika izany. Andriamanitra no nanao ny teny fikasana. Andriamanitra no Anankiray izay nilaza an'izany.

74 Ankehitriny, *eto* dia ny solontenan'Andriamanitra no nilaza an'ilay izy, ary ankehitriny dia Andriamanitra Izy tenany no nilaza an'ilay izy. Noho izany dia inona no azontsika atao? Tsy misy afa-tsy ny mihazona ny fisainantsika eo amin'izany. Hoy izy, "Raha mahita ahy ianao rehefa mandeha aho, dia afaka mahazo an'ilay teny fikasana ianao." Nihazona ny masony teo amin'i Elia i Elisa. Tsy mampaninona izay mihorakoraka teo amin'ny lafiny tsirairay, izay niseho teo amin'ny lafiny tsirairay, izay talohan'izany, tsy nijery an'izany mihitsy akory aza izy. Nihazona ny masony teo amin'ilay teny fikasana izy. Eo ianareo izao, ny masonareo eo amin'ny teny fikasana.

75 Mieritreritra an'ilay ramatoa izay novangianay indray hariva aho, Ranabavy Sauer. Ary niteny taminy ny dokotera hoe tena marary toy ny ahoana izy. Ary tsy niteny taminy mihitsy aho; niteny tamin'ny malalany. Ary tsy azo atao toy ny ahoana ny mba hahasalama azy. Ankehitriny, rahalahy, nanontany ahy mikasika an'izany ny vinantolahiny. Hoy aho hoe, "Raha afaka mihazona ny masony eo amin'ny teny fikasana izy." Tsy mampaninona izay miseho, hazòny eo amin'ny teny fikasana ny masonareo.

76 Herinandro vitsy lasa izay, Ranabavy Wood eto, ary Rahalahy Wood, tena sakaizantsika eto amin'ny fiangonana. Tany Michigan aho niaraka tamin'ireo sakaizako, Leo sy Gene. Niala tao amin'ilay fivoriana tany Chicago izahay ary nandeha niaraka tamin'ny sasany tamin'ireo olony, mba. . . nandritry ny roa andro, mba hihaza diera niaraka tamin'ny tsipika sy zana-tsipika. Ary teny amin'ny làlako niverina, dia nihazona ahy ny vadiko, ka hoy izy hoe, "Mivavaha ho an'ny renin-dRtoa. Wood. Nihinana ny tarehiny ny homamiadana iray." Ary hoy izy, "Tsy mbola nahita an-dRahavavy Wood nitaintaina toy izany mihitsy aho. Mitomany izy." Ranabavy Wood dia efa mahery fo iray an'ny finoana foana, hatramin'ny nanasitranan'Andriamanitra ny zananilahy tamin'ny ranjo kilemaina iray, sy nahasitrana azy tamin'ny TB, sy ny sisa. Saingy ketraka izy.

77 Tany tao amin'ilay efitra, tamin'io hariva io, dia nivavaka izahay. Niditra izy, hoy Rtoa. Wood hoe, "Ranadahy Branham, handeha isika." Dia nandeha nankany amin'ny reniny izahay, izay tany Louisville. Ary efa tratry ny homamiadana izy teo amin'ny ilan'ny orony, ka ny dokotera no nanamboamboatra azy, nanaparitaka azy; hany ka faribolana kely iray fotsiny no teo amin'ny ilan'ny orony, ary niakatra teo amin'ny ampahavalon'ny inch avy teo amin'ny masony mihitsy, ilay taolana fotsiny no nipetraka teo. Nihinana an'ilay izy haingana mihitsy arak'izay nahafahany nihinana azy.

78 Niditra tao amin'ilay efitra aho, ary nandohalika. Hoy aho hoe, "Te-hiresaka aminy irery aho." Dia niditra tao amin'ilay efitra aho mba hivavaka niaraka tamin'ilay vehivavy. Ary raha mbola tao amin'ilay efitra aho, dia nieritreritra aho hoe,

"O Andriamanitra, raha haneho amiko fahitana iray fotsiny Ianao ny amin'izay hitranga amin'ilay vehivavy." Nipetraka tany ivelany Atoa. sy Rtoa. Wood, niandry mba hahita an'izay ho lazain'ilay fahitana.

79 Fa raha mbola teo aho, dia lasa voaheloka. Voaheloka aho nohon'ny fiandrasana fahitana iray. Toy ny hoe nisy Zavatra iray nampahatsiahy ahy, hoe tsy izany ilay fiantsoana. "Inona no ilanao fahitana iray, nefa efa voalaza ny teny fikasana?" Noho izany dia nandohalika aho ary nivavaka. Ary raha mbola nivavaka aho, dia nisy zavatra namikitra fotsiny tao amin'ilay anaty, ilay finoan'ny teny fikasana.

80 Nivoaka indray aho. Ary Rtoa. Wood, rehefa niteny taminy mikasika an'izany aho, dia hoy izy hoe, "Nahita zavatra iray ve ianao, Ranadahy Branham?"

81 Hoy aho hoe, "Tsy nahita zavatra iray marina mihitsy tokoa aho, saingy nahatsapa Zavatra iray aho izay niteny tamiko fa marina ny Fampanantenany ary Hataony izany. Ary mino aho fa Hataony izany."

82 Ary tao anatin'ny latsaky ny efatra amby roapolo ora, dia nanomboka niendaka ny tendron'ilay homamiadana ka endrika takopery iray no teo amboniny. Tsy manakopery ireo homamiadana, araka ny fantatrareo, raha tsy maty izy. Noho izany dia teo ilay izy ankehitriny. Ary sitrana ilay vehivavy, ary any an-trano. Kristy iray mahafinaritra toy ny inona! Amin'ny fihazonana ny masontsika eo amin'ny teny fikasana! Andriamanitra no niteny an'izany!

83 Fa rehefa nivavahana isika, indraindray, dia lasa isika ka manao hoe, "Eny, tsy vita teo no ho eo mihitsy ilay izy, noho izany dia tsaratsara amintsika angamba ny miverina indray." Oh, tsia.

84 Hazòny eo amin'ny teny fikasana ny masonareo. Andriamanitra no niteny an'izany, dia milamina hatreo izany. Izay ihany ny amin'io. Raha Andriamanitra no niteny an'izany, dia mahay mihazona ny Fampanantenany Andriamanitra, raha tsy izany dia tsy ho nanao an'izany mihitsy Izy.

85 Abrahama dia niantso an'ireo zavatra, izay tsy nisy, ho toy ny nisy. Ary, nandritry ny dimy amby roapolo taona, dia nijoro teo amin'ilay tsy azo atao, satria nihevitra izy fa Andriamanitra dia mahay manatanteraka an'izay efa Nampanantenainy. Amena. Ary isika dia zanak'i Abrahama, amin'ny finoana.

86 Izany tokoa, Elia dia nihazona ny masony teo . . . na Elisa teo amin'i Elia, ary raha nandroso izy ireo. Ary afaka kelikely, dia tonga ilay kalesy ka nanasaraka azy ireo, ny iray teo amin'ny ilany iray sy ilay hafa, ary avy eo dia naka an'i Elia izy. Teo . . . Niditra teo amin'ilay kalesy izy ary niakatra, dia nanala ny akanjony avy teo amin'ny sorony ka nanipy an'izany tany amin'i Elisa. Satria, nitombo tao amin'izany i Elisa, fantatrareo,

noho izany dia antonona azy tsara ilay izy. Ary azonareo eritreretina ve. . .

87 Oh, tiako ianareo hanome ahy ny fifantohanareo tsy mizarazara, raha mahatsapa ny tendako manitikitika aho. Tehanontany zavatra iray aminareo aho.

88 Azonareo eritreretina ve hoe toy ny ahoana no tsapan'i Elisa rehefa naka an'io akanjo io izy, nametraka azy teo amin'ny sorony manokana? Oh, fahatsapana iray toy ny inona!

89 Tsy milaza an'ity ho manokana aho, fa teo amin'ny folo taona lasa izay, teto amin'ity polipitra teto ity, dia nitory toriteny iray aho; Davida, ilay mpiady niaraka tamin'ny antsamotady iray teny an-tànany, ary Goliata no teo anoloany. Tamin'ireo andro ireo dia tsy nisy asam-pitoriana ho an'ny fanasitranana teny amin'ny saha, na taiza na taiza, araka ny fantatsika. Ary, oh, toy ny ahoana no nisian'ny olona mpitsikera ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra! Saingy nisy zavatra iray, rehefa avy nihaona tamin'ny Olona iray aho. Ary niteny tamiko ireo pasitera fa nahavery ny saiko aho, hoe tsy mety ho tahaka an'izany ilay izy. Fa, nanomboka teto amin'ity birao teto ity ihany, no niresahako ny amin'i Davida. Hoy izy, "Ny tianareo ho tenenina amiko ve dia hoe io, ireo tafik'Andriamanitra velona, dia hamela an'io Filistina tsy mifora io hiaika an'ity tafika ity?"

90 Ary zazalahy kely antitra milatsa-tsoroka, miolanolambolo nanao palitao hoditr'ondry iray, sy antsamotady iray teny an-tànany; niaraka tamin'ny tafika iray manontolo an'ny Isiraely nitsangana, nanohana. Ary izy, irery, no nandroso. Niaraka tamin'ny lehilahy iray, niaraka tamin'ny—niaraka tamin'ny lefona iray sivy ambin'ny folo dian-tongotra mahery ny halavany, ary ilay zavatra teny amin'ny tendrony dia nilanja sekely maro, angamba vy roapolo livatra, naranitra; lefona iray sivy ambin'ny folo dian-tongotra. Niaraka tamin'ny rantsan-tànana efatra ambin'ny folo inches ny halavany. Nefa Davida angamba dia nilanja sivifolo livatra, ary nitsangana, niantsambontsambotra ambony-sy-ambany, tahaka ny akoholahy kely bingo, nanao hoe—nanao hoe, "Ny tianareo ho tenenina amiko ve dia, oh, oadray, hoe hamela an'io Filistina tsy mifora io ianareo. . . " [Mikapokapoka in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] "Raha mijanona eo amin'ny toerany izy, dia avelao izy hijanona. Saingy mihaika an'ireo tafik'Andriamanitra velona izy." Oh, oadray, mahery fo iray toy ny inona! "Ary ianareo rehetra ve dia matahotra ny handeha hiady amin'io?" Hoy izy, "Avelao aho hahazo azy." Oh, oadray! Hoy izy hoe, "Ilay Andriamanitry ny Lanitra no namela ahy hamono liona iray tamin'ny antsamotady iray. Namela ahy hamono bera iray tamin'ny antsamotady iray Izy. Ka tsy mihoatra noho izany ve no Hanolorany an'io Filistina tsy mifora io eto an-tànako!" Izany tokoa.

91 Ary rehefa azo ilay fandresena voalohany, ka lavo i Goliata, dia nanaraka an'i Davida ireo tafik'Isiraely manontolo. Ary nanapa-doha izy ireo sy nikapoka, Isiraely . . . na nikapoka an'ireo Filistina hatrany amin'ny taniny manokana mihitsy. Natosiny hatrany amin'ny zorony izy ireo, ary novonoiny, ary nalainy ireo tanànany, sy ny sisa, ary nahazo fandresena.

92 Rahalahy sy anabavy, ilay zavatra iray ihany no natao tao amin'ireo faritry ny ivelan'ny voajanahary, rehefa hoy izy ireo hoe, "Tsy mety ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Efa lasa ireo andron'ny fahagagana." Raha efa lasa ireo andron'ny fahagagana, dia efa lasa ireo andron'Andriamanitra. Ho faty ny fiangonana izay tsy mino ny ivelan'ny voajanahary amin'ny farany, ary hiala amin'ny fiangonana Andriamanitra. Tsy maintsy! Fa Andriamanitra no nanome ny teny fikasana, ary ireo teny fikasan'Andriamanitra dia Mandrakizay.

93 Teto fotoana vitsy lasa izay rehefa niadaladala tamin'ny radium ireo zazavavy vitsivitsy, ka nanatsoboka an'izany, sy nandoko an'ireo fanjaitra radium teo amin'ireo famantaranandro. Manana iray aho eto amin'ity anankiray ity. Ary nanao fahadisoana iray ny zazavavy iray ka nandray an'ilay borosy ary nanitrika an'izany tao anatin'ny vavany. Namono azy izany. Ary taona sy taona taty aoriana, dia naka mikroskôpy iray izy ireo ary nametraka an'izany teo amin'ny karandohan'io zazavavy io, ka mbola afaka nandre an'ilay radium foana izy ireo nanao hoe, "Brrr-brrr-brrr." Tsy misy farany izany. Mitohy miasa izany, ary mitohy sy mitohy. Tsy misy fijanonana ho an'izany.

94 Ary, oh, rahalahy, raha manana an'izany karazana fiantraikany izany ao anatintsika ny radium, dia tsy mihoatra noho izany ve ilay Andriamanitra tsy misy farany, Mandrakizay, ivelan'ny voajanahary, mahery tanteraka, tsy manam-petra tanteraka, Tsitoha! Tsy maintsy manana an'ilay fiantraikany iray ihany tahaka ny Nanombohany Izy. Tsy maintsy manana an'izany hatrany foana Izy, raha tsy izany Izy dia tsy ilay Andriamanitra Tsitoha, mahery tanteraka. Mbola miandry olona iray foana miaraka amin'ny finoana matanjaka iray Izy, izay handroso sy hiaika an'ilay fahavalo eo amin'ny fototry Ny Teniny ka hilaza fa Izany no izy.

95 Ary ankehitriny dia inona no nitranga, vantany vao nanomboka ilay asam-pitoriana lehibe ho an'ny fanasitranana? Tamin'izay fotoana izay dia miaramila an'arivony, lehilahin'Andriamanitra, izay nipetraka tao amin'ireo fiangonana kely, tahaka an'i Oral Roberts, Tommy Hicks, ary maro tamin'ireo lehilahy malaza hafa teny amin'ny saha, no namoaka ny Sabany ka nandeha izy ireo. *Ity* Sabatra izay mandidy mandroso sy miverina ity, miakatra sy midina, ary anatiny sy ivelany, "Mpamantatra iray an'ireo eritreritra, hatrany amin'ny tsokan'ny taolana mihitsy aza." Namoaka ny

Baiboliny izy ireo, ny Sabany, ary nandeha, rehefa hitan'izy ireo fa mety ho vita izany. Ary nikapoka an'ilay fahavalo izahay, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, hany ka nahazo fifohazan'ny fanasitranana ilay izao tontolo izao manontolo. Azo atao izany. Ireo pasitera kely izay nanana fiangonana kely roa-sy-efatra, sy ny sisa, dia nirehitra ary nahita fahitana, nandrangaranga an'ilay Sabatra ary nandroso, ka nihaika an'ilay fahavalo.

96 Ahoana no ahafantaranareo fa misy izany? Misy ireo lehilahy malaza, Upshaw mambran'ny Kongresy, ny Mpanjaka George an'i Angletera, ary lehilahy malaza maro izay nandry narary sy ory, izay sitrana nohon'ny Herin'Andriamanitra Tsitoha. Noho izany dia tsy afaka milaza na inona na inona mikasika an'izany izy ireo ankehitriny. Vita izany. Izany tokoa! Izy dia . . .

97 Noho izany dia lasa i Elia. Taorian'ny . . . Ny fanirian'ny fony manontolo dia ny hahazo an'io teny fikasana io. Nila an'ilay teny fikasana izy. Izany ireo antony. Izany no rehetrany. Izany no fiainany. Izany no fikasany, ny zavatra rehetra. Ny rehetra, ny zavatra rehetra, dia nihantona teo amin'ny fahazoana an'io teny fikasana io.

98 Resy lahatra aho ny hino fa tsy tso-po mikasika an'ity zavatra izay resahantsika ity isika. Raha ny antonareo manontolo, izao maraina izao, no mijanona eo amin'ny hoe, "Manome dera ho an'Andriamanitra nohon'ny fahasitranako. Tapa-kevitra aho ny ho sitrana nohon'ny Herin'Andriamanitra. Tapa-kevitra aho ny hiaina fiainana Kristiana iray. Tapa-kevitra aho ny handeha am-piadanana miaraka amin'Andriamanitra. Tapa-kevitra aho ny hanao an'izany. Tsy ahoako izay lazain'i neny, izay lazain'ny fiangonana, izay lazain'ny pasitera, izay lazain'ny olon-kafa, izay lazain'izao tontolo izao. Tapa-kevitra aho. Izany no tokana ato am-poko." Ho tonga any ho any ianareo amin'izay fotoana izay.

99 Noho izany, rehefa hitan'i Elia fa tapa-kevitra hahazo an'izany izy. Elia, hitan'i Elia fa tapa-kevitra i Elisa, dia nomeny azy ilay teny fikasana. Ankehitriny, ilay teny fikasana dia hoe, "Raha afaka mahita ahy ianao rehefa mandeha aho! Raha afaka mahita ahy ianao rehefa lasa aho!" Ankehitriny dia niankina tamin'i Elisa izany. Te-handre an'ilay teny fikasana izy, noho izany dia azony ilay teny fikasana. Ankehitriny dia misy "raha" anankiray ao anatin'izany. "Raha afaka mahita ahy ianao rehefa mandeha aho!"

100 Ankehitriny, raha marary ianareo izao maraina izao, ka teho sitrana, dia afaka manaporofo aminareo aho fa efa nomen'i Kristy anareo ny teny fikasana. Anareo ny teny fikasana hoe, "Raha mety mino ianao! Raha mety mino ianao!" Aza mety resy.

101 Ankehitriny dia nitafy ny akanjon'i Elia i Elisa, ilay mpaminany. Dian'ny mpandresy iray toy ny inona! Toy

ny ahoana no nandehanany, namindra nankany An-danitra, amin'ny maha-mpandresy iray! Nandre ny teny fikasana izy. Nahatsapa ny hery izy. Nandeha tahaka ny mpiady iray izy, nidina avy hatrany nankeo Jordana.

102 Ho an'Andriamanitra ny dera, ry sakaiza! Ny mpino tsirairay, izao maraina izao, izay voatafy ao anatin'ny fahamarinan'i Kristy, dia mandeha mankany amin'ny làlan'i Jordana. Marina izany.

103 Avelao ho tonga ireo baomba atomika; avelao izy, na toy ny ahoana ny làlany. Voatafy isika ary mandeha, ilay mpandresy. Amena. Izaho . . . "Aza matahotra. Izaho efa nandresy an'izao tontolo izao." Eny, tompoko! Tsaroanareo ve hoe inona? "Izaho efa nandresy an'izao tontolo izao." [Nitehaka ny tànany indroa Rahalahy Branham—Mpand.] Kristy no nilaza an'izany. [Mandondòna indroa ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

104 Nandeha niaraka tamin'ny akanjo tonta iray i Elia, tahaka ny mpandresy iray mihitsy aza, marina tokoa, tonga teo Jordana.

105 Rahalahy, mamelà ahy hilaza an'izao aminareo amin'ny fanajana. Aza manao akanjon'olon-kafa izay lanin'ny koroky ny fisalasalana, izay nanisian'ireo resy sy finoanoam-poana ary ambony-sy-ambany lavaka ao anatiny, ary mitete manerana ny rehetra izy ireo. Anaovy ny akanjon'ilay Mpandresy, Kristy. Aza matoky ny fiangonanareo izay nampianatra anareo ny famonjena amin'ny alàlan'ny batisa fahiny, ny Fanahy Masina, izay nampianatra anareo ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra fahiny fa ankehitriny dia mandà an'Izany, lanin'ny koroky ny fisalasalana sy ny zavatra hafa. Anaovy ny Akanjony izay tsy nahavery ady iray mihitsy, satria eo amin'ny làlanareo mankany Jordana ianareo. Amena.

106 Ankehitriny, dia nanao akanjo tonta iray izy, marina izany. Ary maro amin'ny olona izao maraina izao no manao akanjo tonta. Fa rehefa tonga teo Jordana izy, dia fantany fa raha ilay akanjo fotsiny ihany dia tsy hahavita an'ilay asa. Marina izany. Ary ny fiangonana, ny Metodista, ny Batista, ny Pentekotista, ny Presbyterana, "Oh, manana an'ireo sekoly izahay! Mba . . . Oadray, manana an'ireo etika rehetra izahay, an'ny Baiboly, voalamina tsara. Manana an'ireo akanjo rehetra voatenona tsara izahay, ireo teny fikasana. Manana an'izany rehetra izany izahay. Oh, vita batisa izahay, nekena. Ary izahay no tena apostolika. Manana ny finoana apostolika izahay. Mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izahay. Mino an'Andriamanitra izahay. Mino ny Herin'Andriamanitra izahay. Manao batisa izahay, ao amin'ny Baiboly, araka ny nolazain'ny Baiboly. Nandray ny Fanahy Masina izahay. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izahay. Manao an'izany rehetra izany izahay." Saingy, rahalahy, raha izany ihany no zavatra tokana ilainareo,

ianareo dia hahita an'izay tsy ampy aminareo, ihany koa, rehefa tonga eo Jordana ianareo.

107 Oh, mety efa nampianarina ianareo. Mety ho manan-tsaina ianareo. Mety manana D.D. iray ianareo, Dokotera momba an'Andriamanitra. Mety manana Ph.D. iray ianareo, Dokoteran'ny Filozofia. Mety manana LL.D. iray ianareo, Dokoteran'ny Latina. Mety manana an'ireo karazana diplaoma rehetra ianareo. Mety manana ny akanjon'ny fiangonana Metodista ianareo eny aminareo. Mety manana ny akanjon'ny fiangonana Pentekotista ianareo eny aminareo. Mety manana ny akanjon'ny Assemblées ianareo eny aminareo, na an'ny Tokana, na an'ny Triniterana, na mety ho inona ilay izy. Akanjo tonta iray fotsiny ihany izany, eo am-panombohana, marina izany, an'ny dogma sasany nataon'olona, izay noeritreretina, sy ny sisa tahaka an'izany; na dia efa Kristiana iray aza ianareo, ary efa Kristiana iray ilay fiangonana, ary niakanjo tsara tokoa.

108 Fa rehefa Elia, nitsangana, niharihary, teo amin'ilay morona nahitsy manontolo feno an'ireo mpaminany sy mpitsikera, nijery an'izay hataony. Ary indro izy avy, nandeha nanao ny akanjon'i Elia. Oh, oadray! Haleloia! Nivoaka avy tamin'ny sekoly izy, hafa. Nampianarina izy. Nanaiky izy. Mino izy. Tsy misy na inona na inona tsy mety aminy. Nidina nankeo amin'i Jordana izy. Mandinika azy izao tontolo izao.

109 O Andriamanitra, toy ny ahoana no ilanay an'izany amin'izao andro izao! Miaraka amin'ny nivoaka avy tamin'ny sekoly sy mahay nampianarina maro; miaraka amin'ireo lehilahy maro izay afaka manasaratsaraka an'ity Baiboly ity ary manambatra Azy miaraka, amin'ny matematika; lehilahy maro izay afaka manao zavatra lehibe amin'ny fomba fampianarana; izay mahafantatra ny tantaran'ny Baiboly hatramin'ny tena fotoana mihitsy, izay afaka miteny aminareo ny ora izay nirehetan'ny labozia, sy ny ora nahafaty azy. Afaka miteny aminareo an'ireo zavatra rehetra ireo izy ireo. Ary izy ireo dia . . . Manana ny batisan'ny rano izy ireo. Manana ny batisa arapanahy izy ireo, araka ny iantsoan'izy ireo azy, ilay akanjo. Manana ny zavatra rehetra voapetraka ao amin'ny lamina mihitsy izy ireo.

110 Toy izany koa Elia. Saingy rehefa nidina teo amin'i Jordana izy, hiatrika an'ilay izao tontolo izao mpitsikera, dia inona no nantsointsoiny? "Aiza ny Andriamanitr'i Elia?" Tsy ilay akanjon'i Elia no nahavita an'izany. Ny Herin'ilay Andriamanitr'i Elia, no nahavita an'izany.

111 Ary ny zavatra izay ilain'izao tontolo izao amin'izao maraina izao dia ny Herin'ilay Andriamanitr'i Elia. Mety efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo ary nihiakiaka, sy nihazakazaka nanerana ny gorodona. Fa ny ilaintsika dia ny Herin'ilay Andriamanitry ny Pentekosta, mba hamokatra an'ireo

fiainana sy ny sisa izay velona tamin'izany andro izany, tao amin'ny hery apostolika.

112 Nety tsara ny akanjo tonta, saingy nila antso vaovao iray tao am-pony avy tamin'Andriamanitra izy. Nila hosotra vaovao iray avy tamin'Andriamanitra izy. Nanao akanjo tonta iray izy rehefa tonga teo amin'ilay renirano, saingy nila antso iray tena vaovao tsy mbola niasa avy tamin'Andriamanitra izy, Hery tsy mbola niasa avy tamin'Andriamanitra, hanatanterahana an'ilay fahagagana.

113 Ary, ry rahalahiko, aza matahotra hangataka na inona na inona amin'Andriamanitra. Tsy maintsy mitaky amin'Andriamanitra ianareo, na mangataka amin'Andriamanitra, ny zavatra rehetra izay Nampanantenainy. Satria, raha manolotra Andriamanitra iray izay faratampon'ny hery sy mahery tanteraka aho, ary raha mpanompon'Andriamanitra iray aho, dia tsy maintsy manao an'ireo asan'Andriamanitra. Raha manao ny asan'Andriamanitra aho, dia tsy maintsy mitaky amin'Andriamanitra hanao an'ireo zavatra ireo hiseho, satria Izy no mitaky amiko hamokatra ny tsy azo atao. Tsy maintsy mangataka Aminy aho. Tsy maintsy miantso Azy aho, ary mitsangana eo ka manao hoe, "Andriamanitra, Ianao no nampanantena an'izany." Toy izany koa ianareo, ny olona tsirairay.

114 "Hahazo hery ianareo," Asa 1:8, "rehefa tonga eo aminareo ny Fanahy Masina." Rehefa tonga eo aminareo ny Fanahy Masina! Rehefa voatafy ho Kristiana iray ianareo, rehefa avy milamina ao amin'i Kristy ny finoanareo, amin'izay fotoana izay dia hahazo hery ianareo. Eo ianareo izao. Eny.

115 Ary, rahalahy, ranabavy, ny tsirairay avy aminareo, izao maraina izao, mety hilaza an'ity aho alohan'ny hivavahana ho an'ny marary! Mety hilaza an'ity aho! Nohon'ny fanampian'Andriamanitra, dia mivavaha ianareo ho ahy. Raha nijoro aho, folo taona lasa izay, teto amin'ity lampihazo ity, nitory teo amin'i Davida sy Goliata. Ankehitriny, tsy Goliata iray no nanakana ahy. Novonoin'Andriamanitra teo anatrehako izy. Fa ny zavatra manakana ahy, dia ny tsy fahampian'ny finoana, ny tsy fahampian'ny zavatra iray izay fantatro fa eto.

116 Ary izao maraina izao, eto anatrehan'ity tabernakla kely ity indray, dia mihiakiaka aho hoe: aiza ilay Andriamanitra izay nanome an'ity teny fikasana ity? Aiza ilay Andriamanitra izay nihaona tamiko niaraka tamin'ity, tany? Mandrosoa, Andriamanitra, ary omeo faherezana iray aho. Omeo hery iray aho. Omeo saina tapa-kevitra aho, tsy mampaninona izay tonga sy lasa. Na toa maizina aza ilay izy, na ilay izy dia toa . . . Na mety ho toy ny inona ilay izy, dia mandroso. Marina ny teny fikasana.

117 Rahalahy, ranabavy, indray andro any, ho anareo sakaiza mpanota eto izao maraina izao, ary ho anareo olona izay

miezaka maka tahaka ny Kristianisma. Mety mikambana amin'ny fiangonana ianareo. Tena mahafinaritra izany. Tsy manana na inona na inona ho lazaina manohitra an'izany aho. Tsy misy na inona na inona manohitra ny fanabeazana arapianaranareo mahafinaritra, na manohitra ny teolojianareo. Tsy manana na inona na inona manohitra an'izany aho. Fa, oh, aiza ilay Andriamanitra?

118 Tsy Elia izany, na izany aza. Tsy Elia no nanokatra an'io renirano io. Tsy ny akanjony. Naka an'izany avy teo amin'ny sorony i Elisa. Navalony tahaka ny namalonan'i Elia azy fotsiny izany. Fa rehefa nanomboka nanandrana nanofahofa azy izy, dia tsy nisy Hery tao. Avy eo dia niantsoantso izy, nahafantatra fa tany ho any Andriamanitra hoe, "Aiza io Andriamanitra io? Aiza Izy?" Tamin'izay fotoana izay dia nisy zavatra tsy maintsy nandona an'ilay mpaminany, satria nanofahofa an'io akanjo io izy ka nandona ny rano, ary nisokatra teo amin'ny andaniny sy ny ankilany izy. Ary teo anatrehan'ny mpitondra fivavahana tamin'izany andro izany, teo anatrehan'ireo mpitsikera an'izany andro izany, no nandehanany niampita an'i Jordana, tahaka ny nataon'i Elia talohany mihitsy.

119 Tsy mila an'ireo fampianarana isika; manana an'izany isika. Fa mila an'ilay Andriamanitr'i Elia isika. Mila ny Herin'ilay Andriamanitr'i Elia isika, hiverina ao amin'ny fiangonantsika. Ilay hery mba hanao azy eo, sy hiantso ny Tenin'Andriamanitra hoe, "Marina," na ahoana na ahoana.

120 Ary isika dia, ny tsirairay avy eto izao maraina izao, amin'ny maha-olombelona, eo amin'ny làlantsika mankany Jordana. "Ary rehefa tonga teo Jordana izy." Ho tonga eo ianareo, amin'ny iray amin'ireo maraina ireo na amin'ny iray amin'ireo hariva ireo.

121 Rehefa tonga teo Jordana izy, dia nandeha tamin'ny nahampandresy iray. Saingy, rehefa tonga teo Jordana izy, dia izany ilay fahasamihafana. Nanao akanjo tonta iray izy. Lehilahy hafa iray no efa nanao an'izany. Saingy akanjo tsara iray izany, ary fantany hoe inona ilay lehilahy izay nanao an'ilay akanjo.

122 Rahalahy, ranabavy, amin'iray amin'ireo maraina ireo, dia tsy maintsy ho tonga eo Jordana aho.

123 Nieritreritra aho. Amin'ity tolakandro ity, dia handeha hankany amin-dry Rahalahy sy Ranabavy Wright izahay. Aza adino izy ireo. Izao no tsingerintaona volamenan'ny mariazin'izy ireo. Mino aho, fa ny fiangonana, izy ireo dia hanao ny—hanao ny sakafo hariva miaraka amin'izy ireo. Nieritreritra aho, indray andro hoe: dimampolo taona! Ary mahita azy roa ireo aho, tena azon-taona sady manjoko. Nieritreritra aho hoe, "Eny, fito amby efapolo taona aho." Nivady telo taona talohan'ny nahaterahako mihitsy izy ireo.

124 Fito amby efapolo! Eo am-pandehanana mankany Jordana aho. Tsy maintsy midina aho. Tsy maintsy tonga eo aho. Ho tonga eo aho. Mety ao anatin'ny lozam-pifamoivoizana eny amin'ny làlana izany. Mety milatsaka avy eny amin'ny habakabaka aho, ao anaty fiaramanidina iray. Mety voatifitra aho, tamin'ny zana-tsipika iray an'ny devoly tany ho any, ka maty. Tsy fantatro hoe ahoana no handehanako. Fa, misy zavatra anankiray izay fantatro, handeha aho, ary eo am-pandehanana mankany Jordana aho.

125 Fa rehefa tonga eo aho, dia te-hahafantatra zavatra anankiray, hoe izaho dia manao akanjo tonta, ihany koa. Tsy matoky ny ahy aho, satria tsy tsara izy. Satria, vantany vao nalain'i Elia ny akanjon'i Elisa, dia norovitiny ho potipotika ny azy ary natsipiny izany. Ary tahaka an'izany ilay izy rehefa nahita an'i Kristy aho. Nandrovitra ny tenako manokana aho, ireo hevitro manokana, ny fahadalako manokana, ny zavatra keliko tsy misy dikany. Nieritreritra aho, fony aho mpitory teny kely, Batista iray, izaho dia saiky fotsiny toy ny . . . Olona iray aho. Saingy, norovitiko izany; nanao ny Akanjony aho. Ary rehefa tonga eo Jordana aho, dia te-hahita ny tenako voatafy ao anatin'ny Akanjony. Izy dia hanaraka an'izany. Ary ho tonga eo isika indray andro any.

Fa ndao isika hivavaka vetivety.

126 Ray any An-danitra, raha eo amin'ny dianay mankany Jordana izahay izao maraina izao, amin'ny maha-mpandresy, ka indray andro any, dia tsy maintsy hanolotra zavatra iray ho an'ilay Jordana izahay, izany hoe, ho an'ny fahafatesana. Ary, oh, ho zavatra iray mampahatahotra toy ny inona izany, fisarahana iray amin'Andriamanitra. Tsy afaka hiampita izahay. Tsia. Fa, Elia, rehefa tonga teo izy, dia nanao ny akanjon'i Elisa izy . . . akanjon'i Elia. Ary rehefa nesoriny ilay akanjo . . . avy tamin'i Elia, ilay lehilahy izay tena nankasitrahana tsara teo Imasonao, ka nanaiky azy Ianao ary nitondra azy niakatra nankany An-danitra niaraka Taminao. Ary Elisa no nanao ny akanjony, noho izany dia natolony ho an'i Jordana, ny fahafatesana, ilay akanjon'i Elia. Ary nekena izany, ka nisokatra ilay Jordana, ary nandeha niampita izy.

127 Andriamanitra malala, indray andro any, dia tsy maintsy hidina izahay. Tsy afaka hanolotra an'ireo asa tsaranay izahay; tsy manana anankiray izahay. Tsy afaka hanolotra na inona na inona ao amin'izao tontolo izao izahay. Tsy naniry na inona na inona mihitsy akory aza aho, ezahana hatolotra, fa matoky manontolo ao amin'ireo fahamendrehan'i Jesosy aho. Nanaiky Azy Ianao, ary nanangana Azy tamin'ny maty, ka nentina tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Izy ary hitoetra mandrakizay ao. Ary, Andriamanitra, te-hanolotra an'izany ho Anao aho, hoe mino Azy aho, ary tiako Izy. Ary, nohon'ny Fahasoavany, dia nampiakanjo anay ny

Akanjony Izy. Ary mivavaka aho, Ray, mba Hanampianao anay ankehitriny ao amin'ireo andron'ny ady. Ary eo amin'izay tsy maintsy anaovan'ireo lehilahin'Andriamanitra an'ireo asan'Andriamanitra, dia mivavaka aho mba Hamelanao anay handray ny akanjon'i Kristy, ilay herin'ny Fanahy Masina, ka hiantso an'ilay Andriamanitra izay velona tao Aminy. Ekeo izany. Amin'ny Anaran'i Kristy no angatahanay an'izany.

128 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika. Manontany fotsiny aho, eto izao maraina izao, raha misy olona iray izay manandrana hidina ao Jordana, tsy manao an'izany akanjo izany. Raha misy olona iray izay tsy manana an'ilay akanjon'i Jesosy Kristy eo aminareo, ary na dia efa nanaovan'ilay Zanak'Andriamanitra indray mandeha aza izany. Manontany aho, raha tsy manao an'izany ianareo izao maraina izao, raha hanangana ny tànanareo amin'Andriamanitra ianareo ka hanao hoe, "Andriamanitra malala, amin'ity ora ity, dia te-hanaiky an'izany aho ankehitriny."

129 Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Hisy olon-kafa ve, hanangana ny tànanareo? Andriamanitra hitahy anao, anaka. Olon-kafa, hanangana fotsiny ny tànanareo? Andriamanitra hitahy anao, ry zazalahy kely. Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy tanora. Olon-kafa hanangana ny tànany? Andriamanitra hitahy anao, iry aoriana iry, tompoko.

130 Lazao fotsiny ilay izy hoe, "Nohon'ny fanampian'Andriamanitra, izao maraina izao, dia te-handao ny fanamarinan-tenako aho, ireo hevitro manokana, sy ireo eritreritro ny amin'ireo fahafinaretana sy fotoana goavana, ary ny fahotana izay efa niainako. Ary mila an'i Kristy aho hametraka ny Akanjony eo amiko, izao maraina izao, mba hampiasako ny Akanjony. Fantatro fa Izany no anankiray tanteraka." Andriamanitra hitahy anao, anaka. Olon-kafa hanao hoe, "Ary hanangana fotsiny aho . . . "

131 Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "'Te-hanaiky ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainako aho ankehitriny. Te-ho voatafy ao amin'ny Fahamarinany aho. Rehefa tonga eo aho amin'io andro io, dia tsy hanolotra ny tenako ka hanao hoe, 'Eny, ankehitriny, Fantatrao fa nividy saribaon'olona iray aho. Efa nanao an'ity aho.'" Tsara izany, tena tsara izany, saingy izany . . . Misy zavatra tsy maintsy maty, mba hahavelona anareo, ary amin'ny alàlan'izany hetsika izany irery ihany no ahafahanareo ho voavonjy. Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Hanao hoe, "Kristy, mandao ny làlako manokana aho ankehitriny. Manaiky ny Làlanao aho. Tiako Ianao hamindra fo amiko rehefa tonga eo amin'ny faran'ny làlana aho?" Eny àry. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao. Eny àry.

Ankehitriny dia hivavaka isika.

132 Ankehitriny, Ray any An-danitra, Marina, tànana vitsivitsy fito, valo, folo no nitsangana. Tsy fantatro ny toeran'izy ireo. Ianao no mahafantatra ny rehetra mikasika azy ireo. Izaho tsy mahafantatra. Fa manana ilaina izy ireo androany. Ary fantatr'izy ireo fa manana ilaina izy ireo, ary manaiky ny ho avy izy ireo ka hanaiky ny famonjena amin'ny androm-pahoriana; mba hahita fa, ilay ora lehibe izay antomotra ankehitriny, ireo baomba atomika, ireo zavatra lehibe izay miandry anay.

133 Ary mivavaka aho, Ray any An-danitra, mba Hitahianao an'ireto olona ireto, ka androany dia apetraho eo amin'izy ireo ny Tànanao ary esory ny helok'izy rehetra sy ny fisalasalana. Ary enga anie izy ireo hanipy an'ilay akanjon'ny fanamarinantenany tranainy lanin'ny koroka, izay ireo valalavao sy angely, ary ireo koroky ny finoanoam-poana sy tantaram-piangonana, no nihinana an'ireo lavaka nanerana an'izany, ary (izy ireo) tsy hihazona ela intsony izany. Enga anie izy ireo hanipy an'izany fotsiny, ka haninji-tànana ary haka an'ilay akanjon'ny Tompo Jesosy. Hanao hoe, "Matoky Azy aho. Mampitafy ny tenako aho, tsy ao amin'ny fahamarinako, na eo amin'ireo eritreritro manokana. Fa, manomboka amin'ity ora ity, dia hatoky Anao aho." Ekeo mba horaisin'izy ireo izany, Ray, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

Akanjo Tonta Iray MAG56-1125M
(A Secondhanded Robe)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 25 Novambra, 1956, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org